





# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 16 mey 2019 | Laharana 910 | Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Ny Valosoa sy ny Hadihady 3

**Nanenina sahady ireo vahoaka nifidy an'I Andry Rajoelina**

Tagnamaro 3

# Asa an-terivozona amin'ny andro tsy fiasana



Kandidà TIM.K25 N°4 Boriboritany faha-5 2

# Mila firaisankina hampandaniana kandidà hoy Ravalo



TSY FANDRIAMPAHALEMANA 6

## Jiolahy roalahy nitondra basy tratra tao anaty taksibrosy



JIRAMA 7

## Tsy mazavazava ny anton'ny fety teny amin'ny CCI ny zoma teo

Zanak'Ambanivolo Miray sy ny TIM 2

## Mitaky ny famoahana an'i Ali sarety

**Daka kely**

Toa tsy matoky valera daholo ny kandidan'ialahy ry Boaikely a !

May trano tetsy Ambodivona 6

## Mijoro ny komity handray ny fanampiana amin'ny malala-tanana



KANDIDÀ TIM.K25 N°4 BORIBORITANY FAHA-5

## Mila firaisankina hampandaniana ireo kandidà hoy Ravalo



Mitohy hatrany ny fanohanana ireo kandidà TIM.K25 ataon'ny Filoha Marc Ravalomanana. Tao aorian' ny fitsidihany ny tany Itasy sy Atsimondrano omaly, teny amin'ny fokontany Tsarahonenana sy Andraisoro Boriboritany faha-5 indray, no nanao fampielezan-kevitra ny kandida atolotry ny antoko TIM.K25 Fetra Ralambozafimbololona sy Naina Willy Jocelyn N°4 omaly. Tonga nanolotra ireto farany tamin' ny vahoaka maro tonga teny an-toerana ny filoha nasionalin'ny antoko TIM Marc Ravalomanana. Kandida voasedra hoy Dada ny kandidan'ny TIM.K25 manerana an'i Madagasikara satria efa nahazo fiofanana amin' ny andraikitra ho sahaniny, rehefa tonga eo amin'ny toerana maha solombavambahoaka azy izy ireo. Fetra sy Naina hoy izy no nahazo tsodràno tamiko sy ny antoko TIM, koa ho antsika ato amin'ny Boriboritany faha-5, mila miray hina amin'ny kandidantsika isika hampandresy azy. Tongàva mifidy amin'ny 27 mey ary fidio ny laharana faha-4 hoy ny filoha Marc Ravalomanana eto amin'ny Boriboritany faha-5.

***Helisoa***

Kandida Fidèle R. TIMK25 N°8

## Akaiky ny vahoakan'Ambatondrazaka

Mitohy hatrany ny fidinana ifotony ataon'ny kandidan'ny TIM.K25 N°8, Fidèle Razarapiera, izay kandida tokana nahazo tsodranon'ny filoha Marc Ravalomanana any amin' ny distrikan'Ambatondrazaka iny. Eo ny fitafàny mivantana amin'ireo mponina ao amin'ny distrikan'Ambatondrazaka, ijereny ny olana mahazo azy ireo. Raha ny omaly manokana dia tao Amparihintsokatra, Andromba, Ambohitromby, Ampananganana, Bekatsaka, Antanandava, Antanifotsy, no toerana nolalovan'ny Kandida laharana faha-8 Fidèle RAZARAPIERA. Mila olona sahy sy mijoro amin'ny fahamarinana Ambatondrazaka, izay indrindra no naharesy lahatra ireo mponina marobe izay nihaona mivantana tamin'i Fidèle Razarapiera manerana ny faritra izay lalovany, fa handrotsaka ny vatony ho an'ny laharana faha-8 ao amin'ny bileta tokana izy ireo. Nanome toky ireo vahoaka ity farany tamin' izany fa hitondra ny hetahetan'ny mponina ary tena hisolovava azy ireo, fa tsy ho mpanangan-tanana fotsiny eny amin' ny antenimierampirenena araka ny tanjona efa napetraky ny filoha Marc Ravalomanana. Tokana ny safidy any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka dia Fidèle Razarapiera N°8 TIM.K25 ihany.

***Helisoa***



***Fidèle Razarapiera, lohalisitry ny kandidà TIM.K25 any Ambatondrazaka.***

Fifidianana

## Ireo toky 8 omen'ny kandidà depiote TIM.K25 ny vahoaka

Manana ny fanomezantokiny ho an'ny mpifidy koa ireo kandidà TIM. K25 manerana ny Nosy amin'ny fifidianana depiote ho avy, ny 27 mey ho avy izao io. Ny kandidà depiote miara-dia amin'ny Filoha Marc Ravalomanana dia hijoro tena ho Solombavambahoaka mandray andraikitra marina, hamerina ny hasin'ny Antenimierampieernen ary hanao tolodalàna izay hita fa mahasoa ny vahoaka. Ho sahy hiteny : tsy matinkenamaso, hamotsipotsitra ny lainga sy ny diso , tsy hatahotra ny hilaza ny marina sy ny tsy rariny. Handinika tsara, hamakafaka ary hitsikera ny zava-misy sy mitranga ka ho sahy hijoro hatrany ho an'ny soatoavina Malagasy. Hanatanteraka ny vinam-piarahamonin'ny vondrona Tim. K25, izay mikatsaka ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy. Solombavambahoaka nahazo fiofanana manokana ireo natolotry ny Antoko, ka ho sahy hijoro hilaza ny marina ary tsy handefitra manana ny rariny. Tsy ho mpanangan-tànana fotsiny fa: mahay - mahalala-mahavita. Solombavambahoaka tsy ho voavidy vola , fa manaja ny etika politika sy fitsipi-pifehezan'ny antoko, ka hanao laharam-pahamehana ny mahasoa ny Malagasy aloha. Solombavambahoaka manana talenta samihafa ireo, ka hampiasa ny fahaizany sy ny traikefany ho an' nyfampandrosoana maharitra sy mirindra isamparitra. Solombavambahoaka nahazo ny fankatoavana sy tso-drano manokana avy amin'ny Filoha Marc RAVALOMANANA avokoa izy ireo, manaiky ny hiaro ny tombontsoan'ny vahoaka nifidy azy ireo, ary hikatsaka hatrany ny soa iombonana ho an'ny firenena. Fanomezan-toky VALO miaraka amin-dRAVALOmanana ireo fanomezan-tokin'ny kandidà depiote TIM.K25 ireo.

***Nangonin'Isambilo***

Tolo-tànana ho an'i James Robin

## Nifanome tànana ny mpanao gazety




Tohina, malahelo, mahatsiaro ny mpanao gazety raha vao misy mahazo, na manjo mpanao gazety malagasy voatohintohina. Tsy salama ary mbola tsaboina eny amin' ny Homi hatramin'izao i James Robin, izay mpanao gazetin'ny Radio Fanambarana am-perin' asa. Nanao tolo-tànana tao amin'ny Tahala Rarihasina Analakely omaly tontolo ny mpanao gazety mahatsiaro ny firaisankina amin'ny namana tra-pahavoazana toy izao. Tolo-tànana ho fanampiana ny fitsaboana azy eny amin'ny hôpitaly raha ny nambaran'ny filohan'ny AJJM , Théodore Ernest satria mbola mila volabe izany fitsaboana izany. Firariana ho an'ny mpanao gazety malagasy ny hoe tokony hisy foana ny tolo-tànana sy famangiana toy ireny ary tsy tokony hisy resaka pôlitika mihitsy toy ny tsy fandraisan'anjaran'ny sasany tamin'ireo mpanao gazetin'ny radio Fahazavana nigadra teny Antanimora tamin'ny andron'ny tetezamita , fa nisy aza ny faly nidiran' ireo mpanao gazety amponja. Mbola any amin' ny laharana faha-54 ihany koa isika malagasy amin'izay falalahan'ny asa fanaovan-gazety izay hatreto. Mbola lavitra ny hananan'i Madagasikara fahalalahana amin'izay sehatry ny asa fanaovangazety izay raha mbola misy foana ny tsindry sy ny hafitsoky ny mpanao pôlitika malagasy. Mirary fahasalamana ho an'i James Robin ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

## 19 mey: ho feno 90 taona no niantsoantson'ny Malagasy voalohany ny fahaleovantena

Manamarika ity volana mey ity ny datin'andro samihafa izay manan-tantara eto amin'ny firenena. Lasa iny, ohatra, ny datin'ny 13 Mey ary niarahanahita ny fanamarihana azy. Mbola ho avy kosa ny 19 Mey izay andro manan-tantara lehibe ihany koa eto amin'ny firenena ary tsy tokony hodinganina fotsiny raha tena haneho ny fitiavan-tanindrazana marina isika sy indrindra ity fitondrana midedaka ho tia tanindrazana ity. Ny datin'ny 19 Mey 1929, tamin'io andro io, tao anaty fanjanahantany lalina ny firenena Malagasy, no nidina andalambe ary sahy voalohany niantsoantso sy nihiaka mafy ny fahaleovantena. Fotoana indrindra io nitarihan'i Jean Ralaimongo sy ny namany ny hetsika famelabelaran-kevitra teo amin'ny trano fandefasana sarimihetsika Excelsior, izay lasa Cinéma Ritz taty aoriana. Tamin'izany no nisian'ny vazaha nanambany ny Malagasy miohatra amin' ny amboa na alika, satria ny Malagasy vahoaka olon-tsotra tsy tafiditra, fa ilay alika nentin'ilay vazaha tafiditra. Frantsay mpanjanatany tsy niahotra nanambany ny Malagasy tao anaty fanjanahantany. Tantara tsy fanadino izany, ary ilaina fohazina ny tantara satria nisy Malagasy teto saropiaro mafy tamin'ny taniny sy ny tanindrazany. Mbola misy izany ankehitriny ary na sarotra aza ny fanehoana izany amin'ny tena tokony ho izy tokoa, na dia ambolena arofanina na sakantsakanana hatrany izany ao anatin'izao fanjanahantany amin'ny endriny vaovao izao. Ho feno 90 taona araka izany no niantsoantson'ny Malagasy ny fahaleovantena. Ny tao am-pony sy ny tao an-tsaina no navoakany ho fantatry ny mpanjanatany frantsay. Ny taranaka ankehitriny, hatraiza ny fanohizana izay antso izay satria tsy mbola afa-bela ny firenena Malagasy, fa fahaleovantena amin'ny ampahany ihany no azo. Sa ny taranaka ankehitriny, ilay sanatriavina ho tia kely, ka rehefa mahazo izay iainany ankehitriny izao dia mora mangina? Ho very tokoa anefa ity firenena ity any aoriana raha ho toy izany sanatria ny fomba fisainany.

***Radafy***

Zanak'Ambanivolo Miray sy ny TIM

## Mitaky ny famoahana an'i Ali sarety

Nampidirina am-ponja i Ali Sarety depiote avy amin'ny antoko TIM teo aloha, sady filoham-boninahitry ny Zanak'Ambanivolo Miray. Fitakiana ny hamoahana ny datin' ny taom-piotazana lavanila amin'ny 20 mey izao, manoloana ny fitarainan'ny tantsaha mpamboly amin'ny hafitsoky ny mpangalatra, no isan'ny nampidirana am-ponja an'i Ali Sarety, filoham-boninahitry ny fikambanana «Zanak'Ambanivolo Miray » nanomboka tamin'ny zoma 10 mey 2019 teo. Namoaka daty ny fanjakana omaly, fa dia hisokatra amin'ny alatsinainy 20 mey 2019 ihany ny taom-piotazana lavanila amin'iny faritra Sambirano iny. Etsy ankilany, mitaky ny hamoahana an'i Ali Sarety ny « Zanak'Ambanivolo Miray » sy ny avy amin'ny antoko TIM, satria amin'izy ireo dia fanendrikendrehana noho ny fijoroany hiaro ny tantsaha amin' ny hafitsok'ireo « mafia » lavanila fotsiny no nampidirana am-ponja azy, ka tsy hihemotra amin' izany fitakiana izany ny mpikambana, ary hataon'izy ireo isan'ambaratonga mipaka any amin' ny filoham-pirenena izany fitakiana izany. Maro hoy izy ireo no mahatsikaritra fa efa manitra lavanila ny tranon'ireo olona ambony ao an-tanàna nefa ny fotoam-piotazana mbola tsy misokatra.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Nanenina sahady ireo vahoaka nifidy an'I Andry Rajoelina


Vao tsy maina akory ny ravina nihinanana dia efa hita taratra manerana ny fiaraha-monina eto Madagasikara, fa manenina sahady ireo olona nametraka ny fitokisany tamin'ny TGV izay nilaza fa hoe hitondra an'i Madagasikara ho any amin'ny fiainana milamina. Natao daholo izao fampanantenana poak'aty rehetra izao, nampanofisina IEM, fa raha vao tonga eo amin'ny fitondrâna dia hiraraka ny vola hanatanterahana io vina nodradradraina io. Isika Malagasy moa mora rebirebena , hany ka nandaitra ny tetik'i Andry Rajoelina filoha napetraky ny CENI sy ny HCC, dia io izy lasa filohampirenena io. Vao nandeha ny fanendrena governemanta dia efa kivy ireo mpanaraka mafana fo ny TGV satria olona tsy niaraka nitolona taminy, fa nafarana avy any an-dafy ny maro tamin'izy ireo. Tsy misy fifandanjana isam-paritra ny firafitry ny governemanta, fa mibahana ny avy eto afovoan-tany. Mitsangana ny governemanta, misavoritaka tanteraka satria tsy hita intsony izay lohany sy vodiny, fa izay be vava ihany no miseho fahitalavitra sy miteny amin'ny onjam-peo mitondra ny tenin'ny governemanta , ny sisa mangina na dia andraikiny aza ny manazava amin'ny vahoaka ny zavamisy. Mikatso ny asa any amin'ny ministera satria miandry fanendrena ireo tale vaovao, na lehiben'ny sampan-draharaha vaovao. Ny any amin'ireo ministera izay lasa nirotsaka depiote ny ministra, fa ministra mpisolo toerana no manatanteraka ny asa, tsy misy mandeha toy izany koa ny asa, toy ny fiandrasana ny sonian'ny ministra amin'ny taratasy ara-panjakana samihafa. Nalefa ny fiantsoana ny mpifidy hanao fitsapankevi-bahoaka mikasika ny fanovàna ny andininy sasantsasany ao amin'ny lalampanorenana hoe atao miara-dalana amin'ny fifidianana depiote ny 27 mey izao. Raha ny tokony ho izy dia ny minisitry ny atitany no tokony hanazava ny vahoaka mikasika izany. Tsy izay anefa no zavatra hita fa ilay minisitry ny serasera no sady Praiminisitra no minisitry ny atitany. Nalefa tamin'ny onjampeo ny dokambarotra mikasika ny fitsapankevibahoaka, nampiasaina ny haino amanjerin'ny mpitondra, kanjo fahafaham-baraka no nisy satria nolavin'ny HCC ilay fiantsoana ny vahoaka hifidy lalampanorenana . Izay ilay hoe , misavoritaka tanteraka ny fomba itondràna ny fanjakàna . Manaraka izany , ny vola nodradradradraina fa hitobaka be amin'ilay IEM ity tsy hita popoka . Ny zava-bitan'ny fitondrana teo aloha indray no hideraderàna fa zavabitan'ny fitondràna TGV . Heverin'ireto farany angamba fa dondrona ny vahoaka Malagasy ,efa miova ny zava-drehetra noho ny fivoaran'ny teknolojian'ny fifandraisana. Hafa ny taloha tsy misy hafa-tsy RNM sy TVM miborosy fanjakàna fotsiny. Hananan'ny vahoaka porofo daholo ny zavatra miseho eto amin'ny firenena fa tsy misy dondrona sy vendrana azo ambakaina intsony eto. Ankoatra izay , nodradradradraina ny lafiny fandriampahalemana , nampisehoana teny amin'ny CCI Ivato ireo fitaovam-piadiana mahery vaika ho ampiasain'ny tafika Malagasy hoe hamongorana ny tsy fandriampahalemana eto amin'ny firenena hono ! Efa ho 5 volana izao no nitondra ny firenena ny filoha Rajoelina Andry fa tena mbola mikaikaika ny olona amin'io lafiny tsy fandriampahalemana io , indrindra ny eny ambanivohitra. Miezaka aloha ny mpitandro filaminana araka izay vitany sy efa nataony tamin'ireo fitondràna nifanesisesy teo aloha ihany. Fa raha ny hoe misy zava-baovao dia mbola tsy misy aloha hatreto . Ny angidim-by izay nireharehàna fatratra aza mbola mahabe resaka aloha hatreto . Farany , ireo mpitolona niaraka nitondra ny mafy tamin'i Andry Rajoelina dia atao anjorom-bala fa tsy mahazo avara-patana ao an-dapa intsony. Aiza re ny fanambatam- bazana azy ireo tamin'ny fampielezan-kevitra e! izao tratry ny teny maharary. Tsy takona hafenina intsony ny fimenomenonana fa efa mibaribary , mbola ho ela ny 5 taona fa miandrasa aloha an'i Paoly fa ny azy efa azony izay nilainy e! efa mpitondra izy izao , dia eo ianareo nifidy azy miandry ny nofinofy nampanatenanin'i Andry Rajoelina filoha napetraky ny HCC sy ny CENI, mpanongam-panjakana ary mbola ho voaongana koa!

***Helisoa***

TAGNAMARO

# Asa an-terivozona amin'ny andro tsy fiasana

Hiditra amin'ny andiany faha-3 indray ny hetsika Tagnamaro, karakarain' ny ministeran'ny kolontsaina sy ny serasera, sy ireo departementa sy sampan-draharahampanjakana maro manerana ny Nosy ny sabotsy 18 mey ho avy izao. Raha ny tamin'ny andiany roa voalohany azo lazaina fa alasafay ihany ny asa vita nandritra izany satria izao dia voalaza fa misy hiverenana indray sy hampiana ny asa natao tamin'izany andiany voalohany izany. Ho an'ny ao amin'ny ministeran'ny serasera sy ny kolontsaina manokana, eny Ambanidia, miakatra an' Ambavahadimitafo, ka hatreny ami-n'ny Fitsarana teo aloha eny Andohalo no hanaovan'izy ireo izany Tagnamaro izany, araka ny fa- ndaharampotoana efa heno amin' ny haino aman-jerimpanjakana ny dokam-barotra. Ny indro kely, na indro be momba ity hetsika ity, andro tsy fiasana ny andro sabotsy, tsy maintsy tonga, na "présence obligatoire" anefa no lazaina amin'ireo mpiasa, samy mitondra ny sakafo sy rano kely sahaza azy avy. Izany rehetra izany dia ao anaty tsy fanajana lalàna tanteraka satria terena hiasa amin'ny andro tsy fiasana ny mpi-



asa, nefa tsy misy tambiny amboniny akory. Mimenomenona noho izany ireo mpiasa ao amin' ity ministera ity fa tena "asa an-terivozona amin' ny andro tsy fiasana" ity zavatra ataon'ny ministera sy ny fanjakana ity. Raha ny fanehoan-kevitra hita tamin'ny televiziona Afrikanina iray koa momba ity Tagnamaro eto Madagasikara ity, tena asa fanandevozana amin'ny endriny vaovao ity hetsika ity, izany hoe azo sokajiana ho ao anatin'ny fanitsakitsahana ny zon'ny mpiasa sy ny zon' olombelona mihitsy aza. Ankoatra izany, mbola tantara mitohy ny fandroahan'ny ministra Lalatiana Rakotondrazafy ireo mpiasa miisa 20 tao amin'ny TVM sy ny RNM, manodidina ity hetsika Tagnamaro ity, nitory eny amin'ny andrim-panjakana sy ny rafitra mahefa ireo mpiasa nesorina tamin'ny asany,...

***Ny Valosoa***

Mpamadika palitao

# Nomen'ny HCC lesona ny senatera Fernand Jeannot

Nomen'ny Hcc lesona tsara mihitsy ny mpanao pôlitika mpamadika palitao toa an'i Fernand Jean- not izay senatera natolotry ny Tim avy amin'ny distrikan' Ambato Boeny, nefa lasa kandidan'ny Ird miaraka amin'i Andry Rajoelina. Nandraisan' ny Fitsarana avo momba ny Lalàm-panorenana (HCC) fanapahan-kevitra man-tsy ny fanesorana azy tsy ho senate- ra intsony ary ny lisitra faharoa no miakatra misolo toerana azy eny anivon'ny Antenimierandoholona rehefa nametraka fitoriana ny filohan' ny Antenimierandoholona, Rivo Rakotovao. Kandida depioten'ny Ird any Ambato Boeny i Fernand Jeannot ankehitri-ny ary mihevitra ny ho la- ny satria miara-dia amin' ny mpandoa-bary hono. Fantatry ny vahoaka any antoerana anefa io famadihana palitao nata-on'i Fernand Jeannot io, ka sarotra inoana ny hahalany azy ho solombavambahoaka amin'ny 27 mey ho avy izao. Andrasana arak' izany izay ho vokatry ny fifidianana, fa mety tamin' ny mpanao pôlitika sy ny mpanara-baovao ny famaizana mpamadika palitao toa ireny satria tsy mahita hafa-tsy izay mety aminy ihany na dia anisan'ny nitokisan'ny filoha Marc Ravalomanana aza ingahy Fernand Jeannot.

***Rajo***



*Ny senatera TIM Fernand Jeannot, lasa kandidà depioten'ny IRD.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Manampy ny ministera amin' ny fanapotehana ny sinema Malagasy ny artista sasany



**Arp Helisoa :** aiza moa no andeha ity fiainana ity. resaka SINEMA aza dia amboletra.no atao. Gaga koa aho amilay mpihira iray dia tena manao avocat ny minisitra. Fanapotehana ny sinema Malagasy anefa no tena ataon'ny ministra sy ny ministera.

**Andry Ramboavolanirina :** izaho rehefa ilay mahita sary oe syndicat an'ny artiste dia everiko fa ireo artiste mpanao propagande an'ny MAPAR foana satria toa iretsy voalohany ihany no mameno ilay faharoa.

**Benja H. Andrianasolo** : zay mihitsy k! tena hamotika ny sinema Malagasy miaraka amin'ny ministera mihitsy ry Princio.

**Arp Helisoa :** ka izay mihintsy ireo.

**Bedo Rakotoarivelo :** Kkk, artiste manohana fanjakana! Fanjakan'ny mpanongam-panjakana!

**William Rajerizafy :** ny mampalahelo dia ireto tanora vao mba mahazo fitondrana izay tsy mahay ny lalàna tokony arahina akory. Ary tena manao excès de zèle araka ny filazan'ny Ralita azy.

**Arp Helisoa :** tena marina izany, ny amin'ity ministeran'i Lalatiana ity dia tena olona tsy tokony ho amin'ny toerana avokoa no lasa ao amin'ny serasera. Didy tsy azo hivalozana hoy Princio ny avy amin'ny governemanta . koa maninona no tsy natao ny Referendum raha marina izany.

**Bedo Rakotoarivelo :** Kkk, za aloa dia fady mijery an reny e ! Tele tsiss, tele foza orana mihitsy koa no nampakatra an'ireny plateau.

**Mamy Njafy :** Kkkkkk. Sady mba tokony manana hevitra mivaingana koa moa èeee. Fa tsy hoe ampihaonako amin'ny ministre enao. Soit un peu plus fort et convaincant que ça princio fa tena tsy faible fa vulnérable qqqqqqqq ! Tsy mahay mandresy lahatra mihitsy !

TONONKALO

## MPAMADIKA PALITAO

Misy olom-bitsivitsy , aza fady ange tazano,
Tena miavaka mihitsy f'efa zatra milomano.
Nony misy fitondrana azoazony jonoina,
Dia ventesiny ny "hosana", "izay mahery no tompoina".

Dia mirotsaka tokoa mba ho mpanohana ikoizana,
Fa mahazo tombontsoa ka dia tsy mahalala vizana.
Dia nafoiny ilay antokony sy ny mpiaraka mitolona.
Niova tampoka ny lokony, (foana teo ny henatra olona!)

Nohadinoiny ireo vahoaka lanaky ny fahantrany,
Fa ny azy "ny kapoaka" , io no maminy eto an-tany.
Hiakatra eny Tsimbazaza , izay no tena foto-keviny,
Ary ho depiote malaza f'efa izay no revireviny.

Hay ny zavatra kendreny sady tena tarigetrany:
Hampitombo ny hareny sy hameno ny poketrany.
Ary indrisy fa dia vitany ny nanao ny tsy fanao,
Ka hany lalana mba hitany ny namadi-palitao !

***SEDERA RAVALISON (13-05-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Ravalomanana teny amin'ny boriborintany faha 5.









Ny kandida Fidèle Razarapiera, kandida TIM K25 N°8 any Ambatondrazaka.









## TAFATAFA

### Raniry any Mahajanga

# Manentana ny olona hifidy ary hifidy ny kandidà TIM.K25

*Nangonin'Isambilo*

**Fanehoan-kevitr'i Raniry, mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga indray no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany :**



*Raniry, mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga.*

Araka ny fanadihadiana natao manerana ny Nosy dia tena vitsy dia vitsy tokoa ny olona manatona ny biraom-pokontany maka ny kara-pifidianany sy manontany ny anarany raha toa ka voasoratra soamantsara ao anaty lisi-pifidianana. Midika izany fa hidina ambany dia ambany ny tahan'ny mpifidy amin'ity fifidianana izay ho solombavambahoaka ity. Leo, tofoka, boboka tanteraka ny vahoaka, izay no azo ilazana azy, hany ka tsy te-handray andraikitra intsony ; indrindra raha fifidianana no asian-teny. Leom-boan'anana ka tsy tia zava-boribory intsony. Mety ho zaran'ny mpitondra koa aza izany satria afaka manao izay danin'ny kibony izy rehefa ny vahoaka no tsy te-hifidy sy handray andraikitra intsony. Ireo havana akaikin'ny kandidà, na koa ireo nahazo tombontsoa mivantana sisa no hany sisa mba tonga mifidy fa ny ambiny dia mitokona tsotra izao ao an-tranony avokoa fa tsy tehiherika fifidianana intsony. Tena zava-doza goavana ho an'ny firenena anefa izany trangan-javatra mampahonena izany satria vao mainka mampihitsoka lalina sy mampilentika ny firenena ao anaty lavaka mangitsokitsoky ny fahasahiranana.

Kinga ny olona rehefa hanome tsiny sy hitaraina na koa himenomenona. Tsy fantany anefa fa tena tompon'andraikitra voalohany sady mivantana ny tenany, noho izy tsy nandray andraikitra sy tsy mba nijoro amin'ny raharaham-pireneny. Any amin'ny tanin'ny jamba, hono, dia ny toka-maso no manjaka ; koa manjaka na manjakazaka mihitsy ny mpitondra rehefa miraviravy tanana ny vahoaka entiny. Samia àry tonga saina isika rehetra e ! Marina ary tena tsy azo lavina fa tena mahakivy tanteraka tokoa ny zava-mitranga eto amin'ny firenena saingy mila mijoro isika e ! Tsy ny fositra akory no tsy hambolem-boavahy. Indray mandeha ve no manta vary dia handevin-tsotrobe ? Noho izany, ankoatry ny fampielezan-kevitra izay tsy maintsy atao dia tokony hatao vaindohan-draharaha sy laharam-pahamehana ihany koa ny fanentanana ny olona mba ho tonga hifidy, manerana ny Nosy. Mahagaga fa ny fanjakana dia toa tsy mba taitra na rototra firy amin'ny fanentanana ny olona mba ho tonga hifidy. Zarany koa aza angamba tsy tonga mifidy ny olona.

Fampahatsiahivana kely no hamaranako ny teniko: raha tsaroantsika tsara dia efa tena voa mafy isika zanak'i Dada tamin'ny fihodinana voalohany tamin'iny fifidianana ho filoham-pirenena iny, saingy toa tsy taitra sy tsy rototra firy, ka iny nitsiraingiraingy tanteraka tamin'ny fihodinana faharoa iny. Tsy sanatria mandatsa fa mba hanairana ny saintsika rehetra no antony ilazana an'izany. Asa na noho isika tsy mba tia hetraketraka sy tsy tia sotasota fa toa zary mandrimandry manana aretina mandrakariva izany isika rehetra. Azo sokajiana ho fihodinana fahatelo ity fifidianana solombavambahoaka ity, dia mbola hatoritory ihany ve isika ? Entano ny olona ho tonga hifidy fa raha izao zava-misy ankehitriny izao no tsy miova dia tena ho ambany dia ambany ny tahan'ny mpifidy amin'ity indray mitoraka ity. Samia mailo, araho maso tsara ny zavatra rehetra indrindra ny hala-bato sy izay mety ho fanodinkodinana ny safidin'ny vahoaka tahaka izay efa nitranga vao volana vitsy monja izay. Fantatra mantsy izao fa efa mamelatra ny teti-panorony indray ireo zatra ny lalan-dririnina. Mijoroa amin'izay re ry vahoaka a ! Tongava mifidy fa tena hadisoana goavana eto amin'ny firenena ny tsy fahatongavana mifidy. Mandehana, jereo dieny izao ny anaranao raha toa ka voasoratra ao anaty lisi-pifidianana. Mandraisa andraikitra e ! Samia hotahian'Andriamanitra isika rehetra.

### Ady amin'ny tsy fanjariantsakafo

## Ahavitana koba « maatsilo, maasoa, maavoky » ny tsaramaso

Paikady haharitra sy hivelatra indrindra ny ady atao amin'ny tsy fanjarian-tsakafo eny amin'ny tontolo ambanivohitra, izay isan'ny tantsoroka sahanin'ny SFMT, na ny Sehatra Mihary Tsaramaso Vakinankaratra miaraka amin'ny ORN Vakinankaratra, no mampihena ho ambany indrindra ny tahan'ny tsy fanjarin-tsakafo eto Vakinankaratra. Efa ela no niantomboka ny asa, araka izany ity tetikasa SFMT ity dia nahazo orinasa mpanodina vokatra tsaramaso manara-penitra izay novatsian'ny fikambanambe Eropeanina vola mba hitohizan' ny asa hatrany. Ahitana masinina maro manaraka ny teknika takian'ny filan'ny mpanjifa ary misy mpiasa manodidina ny 15 mianadahy. Araka ny nambaran'ny filohan' ny SFMT dia ny Distrikan'i Betafo no hametrahana ny orinasa fa ny vokatra kosa dia ezahan'ny avy amin'ny rantsana SFMT hiparitaka amin'ireo Distrika mandrafitra an'i Vakinankaratra. Hisy ny fidinana ifotony ataon'ireo mpiasan'ny SFMT hanaparitaka ny vokatra voahodina ary manofana ireo tantsaha amin'ny fambolena tsaramaso hamokatra betsaka sy manaraka ny kalitaom-pamokarana, amin'ireo karazana tsaramaso niarahany niasa tamin'ny GIZ raha toa ka ny FOFIFA kosa no manao tantsoroka ara-teknika. Miainga eny ifotony izay tena hita fa marefo ara-tsakafo no hahazo tombony amin'ity koba vaovao azo avy amin'ny tsaramaso ity, izay nomena ny anarana hoe « maatsilo,maasoa, maavoky », izay efa voamarina manaraka ny fenitra iraisam-pirenena ilaina amin'ny sakafo. Tsy natao ho an'ny ankizy irery anefa izy ity fa natao ho an'ny olona rehetra. Satria manodidina ny olona 3000 no efa nanandrana azy ary 7 no nilaza fa tsy tia noho ny antony manokana. Nandritra ny efatra taona no nijoro teto Vakinankaratra ny SFMT ary izao nahazo orinasa vaovao manara-penitra mpanodina vokatra tsaramaso izao ho lasa koba, izay mamokatra 500kg isan' andro eo ary mety hatramin'ny 3 taona rehefa mitombo ny filàna miaraka amin'ireo fitaovana manara-penitra. Tsara ny manamarika fa misy fangarony toy ny lafarinina sy siramamy ary varimbazaha sy ny maro hafa ity vokatra vaovao ity. Tonga nanokatra ity orinasa vaovao mpanodina vokatra tsaramaso ity tao amin'ny Kaominina ambanivohitra Anjazafotsy, Distrikan'i Betafo, Faritra Vakinankaratra ny Tale miadidy ny fampandrosoana eo anivon' ny Faritra, RAKOTOARIVELO Rivo Herindray, ny Lehiben'ny Distrikan'i Betafo, ny solontenan'ny Minisitra dia ny Talemparitry ny fambolena sy fiompiana ary ny jono eto Vakinankaratra, Ramatoa RAKOTOARISAONA Mitia Finoana, ny Lehiben'ny Distrikan'i Betafo, ny solontenan'ny avy ao amin'ny Africa Rice sy ny mpiasa avy ao amin'ny SFMT notarihan'ny Filohan'ny SFMT Vakinankaratra , RABARY BODO Vololona.

***Lezama***

## NY TENY FIAINANA



*Hoy Jesosy taminy: tsy mbola novakinareo va ny teny ao amin'ny Soratra Masina hoe: ny vato izay nolavin'ny mpanao trano , dia izy no efa natao fehizoro; avy tamin'i Jehovah izao ka mahagaga eo imasontsika ?*

***Sal 118 :22-23. Matio 21: 42***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy anamadinika** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fitaizana ny fahasalaman'ny vatana amin'ny tongolo gasy



Ny soa azo avy amin' ny tongolo gasy indray no Mahasoa eto amin' ny gazetinao androany. Zavatra ilaina: tongolo gasy hasiny 8, voasarimakirana 8 isa, sakamalaho mitovitovy habe amin'ny ankihibe, rano 4 litatra. Fikarakarana azy : voasana ny voasarimakirana, tetehina madinika, voasana ny tongolo gasy, voasana ny sakamalaho. Miara arotsaka ao anaty "bol mixeur" ireo ary ahodina ao hifangaro tsara. Afangaro amin'ny rano 4 litatra anaty "casserole" io, vao mangotra-tokana dia esorina ary andrasana hangatsiaka. Tantavanina ary atao anaty tavoahangy ny vokatra azo avy eo. Fomba fampiasàna azy: atao toy ny rano fisotro mahazatra fotsiny , ka kendrena ho adiny 1 na 2 mialohan'ny sakafo, na rehefa tsy dia misy sakafo loatra ao anaty vavony. Tehirizina anaty vata fampangatsiahana ny ambiny ho amin'ny ampitso indray mandrapaha lany azy. Mila arahina fampiasam-batana tsotsotra toy ny dia an-tongotra no manafaingana sy mampahomby ny fanadiovana ny lalandrà.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Ambovombe Centre any Manandriana faritra Amoron'i Mania

Ny tanànan'Ambovombe Centre any amin'ny distrikan'i Manandriana, faritra Amoron'i Mania indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Ambovombe Centre no renivohitry ny distrikan'i Manandriana. Somary avo toerana ihany ity tanàna ity satria 1455 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. Saika mpamboly sy mpiompy ny mponina any, faritra mena eo amin'ny tsy fandriampahalemana izy noho ny resaka halatr'omby. Alarobia no tsena any.



BORIBORITANY FAHA-4 (CUA), SY ORANGE SOLIDARITÉ

## Manome fampianarana informatika maimaimpoana ireo vehivavy mpitantana foto-drafitrasa

Ny Boriboritany fa-ha-efatra Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ara-ka ny efa nahafantarana azy dia tsy sasatra ny manome fahafahampo ny olona tsirairay, ka mi-ezaka foana manohy ny asa sosialy izay fanaony hatramin'izay. Tamin'ity indray mitoraka ity dia nanolotra fampianarana informatika maimaimpoana izy ireo, izay niarahana tamin'ny mpiara miombonan'antoka « Orange Solidarité » teo amin' ny fanomezana ny fitaovana entina anatanterahina izany . Vehiva-vy miisa 54, izay mpitan- tana fotodrafitr'asa fisotroana rano fisotro madio, na ny AUE ( Association des Usagés de l'eau ) , ao anatin'ny fokontany miisa 32 no nisitraka izany fampiana- rana izany. Fianarana Bureautique toy ny « word sy excel » no nanofanana an'izy ireo, mba ho fanarahana fenitra ireo firaketana an-tsoratra ny fitantanana ny fotodrafitr'asa, hirosoana amin'ny firaketana ara- teknolojika amin'izay, na ny antsoina hoe « informatisation des données ». Hifarana ny alarobia 29 mey 2019 ny fiofanana, ka afaka handray ny asa vaovao miandry azy avy eo ireo mpiofana. Raha ny nambaran'ny Delegen'ny bori- boritany faha-4, RAMAHANDRIMANANA Solofoniaina Daniel, eo amin' ny fahasalaman'ny mponina, hisy ny hetsika fizahana maimaimpoana ho an'ireo izay marefo ara-pahasalamana, ha-tao ny Sabotsy 18 mey ho avy izao, hiarahana amin'ireo mpitsabo efa matihanina amin'izany, izay eo anivon'ny tanànan'Antananarivo ihany dia ny ao amin'ny DSH (Direction de la Santé et Hygiène). Tsy hadino koa ny didimpoitra maimaimpoana faobe, izay iraisan' ny Boriboritany enina ma- ndrafitra ny tanànan' antananarivo, izay ho avy tsy ho ela. Izany rehetra iza-ny dia ao anatin'ny vina ara-tsosialin' ny Ben'ny tanàna Lalao RAVALOMANANA avokoa.



*Ireo vehivavy mianatra informatika ao amin'ny Boriboritany faha-4.*

**Aly**

May trano tetsy Ambodivona

## Mijoro ny komity handray ny fanampiana amin'ny malala-tanana

Efa tafatsanagana ny komitin' ireo traboina vokatry ny haitrano teny Ambodivona, Boriboritany faha-3, ka nahamaizana trano misy 80 latsaka teo, ny herinandro lasa teo, araka ny fandaminana teo amin'ireo traboina sy ny tompon'an- draikitry ny tsena ary ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA). Efa nisy ihany koa ny fandaminana amin'ny hanarenana indray ny toerana izay kilan'ny afo, eo am-piandrasana ny fahazahoan-dalana hanao ny fanorenana vaovao izy ireo ankehitriny. Na eo aza izany dia mbola miangavy tolo-tanana avy amin' ireo tsara sitrapo ireo traboina may trano tetsy Ambodivona, noho ny fahamaizana tanteraky ny entam-barotra fivelomanʼizy ireo. Ny fa- nampiana dia afaka mifandray amin'ny finday laharana 033 12 523 88. Ny komity dia efa vonona handray izay foy ary mangarahara ny fizarana izany amin'ireo vo-ndron'ny mpivarotra tra- boina hoy ny filohan'ny komity RANDIMBISOA Armand. Laharanana finday: 033 12 523 88.

**Serge**



*Ny solontenan'ny komitin'ireo mpivarotra may trano tetsy Ambodivona.*

Halatr'omby

## Mivadika joko ireo dahalo

Niova famindra indray ny halatr'omby amin'iny ilany andrefan'i Vakinankaratra sy ny manodidina iny amin'izao fotoana. Raha nangingina ny fanafihana mitam-basy dia ny famoahana omby antsokosoko indray no mampitaraina ireo mponina ao amin'ny kaominina ambanivohitra Vinany, distrikan'i Mandoto. Tao anatin'izay roa herinandro farany teo izay dia fianakaviana efatra no efa lasibatr'io fomba fangalarana ataon'ny jiolahy io. Tsy misy mahare izay amahany ny valan'omby sy androahany azy avokoa ireo lasibatra ka efa maraina hamoaka omby na hisafo omby antenantenan'ny alina vao mahatsikaritra ny fahavakian'ny vala. Ity fianakaviana lasibatra ny alin'ny alatsinainy lasa teo ity anefa dia nilaza fa nahare ny fivoahan'ny omby saingy tsy sahy namoha trano noho ny tahotra. Vao dify ireo olon-dratsy dia niantso ny mpiara-monina ka avy hatrany dia niroso tamin'ny fanarahandia izy ireo saingy rehefa nandeha indray andro manontolo tsy nahita vokatra dia niverimpotsiny. Raha ny filazan'ireo mpanara-dia dia lalana iray hatrany no nisy ny dian'ireo omby 10 very tao anatin'izay roa herinandro izay saingy rehefa avy manaraka ny morondrano amin'ny tapany Atsimon'i Mandoto dia very hatrany ny dian'omby.

**Solohery**

SARIITATRA : *Manodiava azy izao mihinan'IEM izao*




Vehivavy tratry ny vorika am-bilany

## Navotan'ny rano manokana teny Ivato

Tsy lavitra fa teny Avaradrano teny no nisehoan'ny tantara. Tsara tarehy sady mahay ity tovovavy ity. Zanaka olona manana ihany izy ary tia fihavanana sy tsy miavona ihany koa . Niaraka tamina tovolahy iray izay izy , saingy tsy nampoiziny fa efa manam-bady izy io. Indray andro dia nasain'ny havan'ilay tovovavy hiara-hisakafo amin'ny fianakaviany ity tovovavy ity satria efa fantampantany fa miaraka amin'ny vadiny ka teo no namosaviany azy. Ny harivan'iny ihany dia nandoa tsy nijanona ary tsy nahazo aina mihitsy ity tovovavy ity . Tsy vitan'izany, fa saika niala hatramin'ny ainy satria nilofika tsy nahateny sy tsy tompon'ny tenany intsony izy . Nikoropaka ny fianakaviana nijery mpitsabo, nanatona dokotera satria tsy fantatra ny antony. Samy tsy nahafantatra ny tena fototr'aretina anefa ireo fa nasainy nitady mpitsabo hafa izy mianakavy. Teo no nitamberina tao an-tsain'ilay mpiara-monina taminy fa i Jessica mpitsabo eny Mandrosoa Ivato **033 87 395 41** no hantonina haingana satria maro ireo narary tsy fanta-pototra toy izany fa sitrana. Vao noraisin'ity mpitsabo ity fotsiny anefa ilay tovovavy dia nampisotroiny rano manokana ary mbola notroriny ihany koa. Teo noho eo ihany dia nahatsiaro tena ilay tovovavy ary nilaza fa sitrana sahady. Nentina nody izy avy eo ary saika mbola hiverina hojerena raha tsy misy fiovana, kanjo efa sitrana izy hoy ny fianakaviany ka aleo mijanona amin'izay fa misaotra azy.

**Namana**

Tsy fandriampahalemana

## Jiolahy roalahy nitondra basy poleta tratra tao anaty taksibrosy

Loharanom-baovao avy amin'ny mpandeha iray, tao amin'ny Taksibrosy, nihazo an' Ifanadiana, faritra Vatovavy Fitovinany iny no nahasaronan'ireo Polisy manao sakan-dalana, ireo roalahy tompon'antoka tamin'ny fanafihana mpandraharaha iray tany Morarano, kaominina Antaretra Ifanadiana, ka nahafatesana olona iray sy jiolahy iray ny herinandro lasa teo iny. Sarona niaraka tamin'izy roalahy ny basy poleta vita gasy iray miaraka amin'ny bala. Notanana sy anaovana famotorana ao amin'ny Paositra ny Polisy ao Ifanadiana izy roalahy ireto mialoha ny hanolorana azy ireo eny amin'ny fitsarana. Ny herinandro iny koa, lavanila 50 kg avy any Irondro no saron'ny Polisy. Nanamafy ny lefitry ny kaomisera ny Polisy ao Ifanadiana Ratovonjafy Hatonako Carbonel, fa tsy handefitra izy ireo manoloana ny asa ratsy ataon'ireo jiolahy. Tsara ny manamarika fa nanao sesilany ny fahazahoam-bokatra teo amin'ny asan'ny Polisim-pirenena ao Ifanadiana ao, tao ho ao.

**Ny Valosoa**



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**11/05/19 hatramin'ny 18/05/19**

- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 910-05-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

JIRAMA

# Tsy mazavazava ny anton'ny fety teny amin'ny CCI ny zoma teo

Nikarakara lanonana tao amin'ny CCI Ivato ny JIRAMA ny zoma 10 mey lasa teo. Tsy dia mazava ny antony fa dia mpiasa teo amin'ny 800 isa teo no tonga namonjy ny lanonana, izay nantsoina hoe: Bemiray JIRAMA 2019. Tsy ny teto Antananarivo ihany fa hatramin'ireo mpiasa avy tany amin'ny secteur madinika rehetra no nasaina tao. Ny tena mahazendana dia izao: Sakafo sy tsakitsaky tsy lany laniany no naroso tao. Nisy koa ireo badge nozaraina, miaraka amin'ny fanion kely ary pin's sy stylo ary bloc note. Tsy dia nisy lahadinika mazava fa dia lanonana sy fihetsiketsehana manindrahindra ny Directeur Général amin'izao fotoana izao no tena votoatiny. Araka ny fantatra dia manodidina ny 575. 000.000 fmg no fandaniana: sakafo, hofan-trano, kojakoja samihafa.



*Tato no natao ny fetin'ny Jirama, izay tsy mazavazava ny antony nanatanterahana azy.*

Fa tsy io ihany anefa no fandaniana natao fa tao ny indemnités an'ireo mpiasa avy any ivelan' Antananarivo, ny solika na frais ho an'ireo mpiasa ireo, nisy aza araka ny voalaza fa dia nandeha fiaramanidina. Tsy lazaina intsony ny "manque à gagner" an'ireo mpiasa 800 tsy niasa kanefa dia nandoavan-karama (journée chômée et payée io andro io). Nisy anefa mpiasa sasany izay tsy nasaina tamin'io lanonana io, indrindra fa ireo Tale teo aloha izay nesorina tamin'ny toerany, ka mbola tsy manana asa hatramin'izao, ary nolazain'ingahy DG aza fa azo atao mpamafa trano satria ny JIRAMA dia maka prestataires amin'ny fanadiovana ny birao. Ny JIRAMA dia malaza fa maty antoka ary mila subventions araka ny tatitra nataon'ny Filoham-pirenena dia mbola sahin'ny mpitantana ao amin'ny JIRAMA ihany ve no mandanilany foana, sa volan'ny DG manokana no nikarakarana io lanonana io? Aiza ireo syndicat manoloana izao zavatra izao sa efa voavidy vola ihany koa?

*Helisoa*

ORTANA

# « Randonnéeé » Ambohitrimanjaka-Antsahadinta ny sabotsy 18 mey izao

Fanatanjahantena laroina fizahantany "randonnée" any Ambohitrimanjaka-Antsahadinta indray no karakarain'ny ORTANA, n a ny Ofisim-Pritry ny Fizahantany amin' ny faritra Analamanga ny sabotsy 18 mey ho avy izao. Any Ambohitrimanjaka no hiainga ity hetsika ity ny sabotsy izao, hihazo hiakatra an' Ambonivohitra, izay hahafahana mahita ny hakanton'ny lemak'i Betsimitatatra.

*Aly*

Fiarovana tontolo iainana

# Mihetsika ny tafo Mihaavo Vakinankaratra


Vokatry ny fiovaovan'ny toetrandro sy ny doro tanety ary ny fitombon'ny velaran-tany ilaina amin'ny famokarana noho ny fitombon'ny isan'ny mponina dia nahazo vahana ny fahasimban'ny tontolo iainana teto Madagasikara tao anatin'ny 50 taona. Loza manambana ny taranaka any aoriana io fahasimbana io raha tsy voafehy ka noho izany indrindra no mahatonga ny TAFO MIHAAVO na TAmbazotran'ny FOkonolona MItantana HArena VOajanahary mandray andraikitra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Toerana telo ahitana ala kininina, ala voajanahary sy ala nohajariana ary "arboretium" sy ala tapia eto anivon'ny faritra Vakinankaratra dia ny vohitr'Ambohitsokina ao Andranobe Atsinanana Antsirabe I, ny ala tapian'Ambohitrambo ao amin'ny kaominina Ramainandro distrikan'ny Faratsiho ary ny alan'Ampotaka ao amin'ny distrikan'ny Mandoto noho izany no omena ho tantanan'ny vondron'olona ifotony ato ho ato. Efa maro ny dingana natao niarahana tamin'ireo teknisianina avy ao amin'ny "talem-paritry ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovainjafy" izay nanao ny tombana sy ny pitsopitsony ara-teknika rehetra.Nazava tamin'izy ireo ny andraikiny sy ny tombontsoany amin' izany fitantanana izany ka aorian'ny fanitsiana io boky io dia hiroso amin'ny fanaovan-tsonia sy ny fanoloram-pitantanana amin'ny fomba ofisialy.

*Lezama*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 281




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0280)


***Mitsivalana***

- Mamonjy
- Ala – As
- Vatomamy
- Vonona (Miv)
- Nitanika
- OM
- Kary (Miv) – Hao

***Mitsangana***

- Mavandy
- (L)any
- Matotra
- Olona
- Namono
- Avy
- May (Miv) – Koa
- Silamo

## TENY MIFANARAKA N° 281




**Mitsivalana**

**1.** Tanàna iray ao Vakinankaratra **2.** Efaina ara-bola **3.** Teny – Soa **4.** Tafianay **5.** Eny amin'ny lanitra – Matanjaka **6.** Verezina **7.** Zanak'i Dada – Amboara (Miv) **8.** Heloka (Miv) – Biby manana elatra **9.** Mampitovy ny antsy sy ny hareza (Miv) **10.** Mamba – Farany

**Mitsangana**

**A.** Teha-maina **B.** Lavitra tsy hita maso – Matoanteny **D.** Fihaviam-be, taranaka – Milaza fotoana **E.** Faritra misy farihy goavana – Mpanolotra **F.** Marina – Vehivavy **G.** Tohana – Kianteny (Miv) **H.** Taperina (Miv) **I.** Sakafo – Antsoantso **J.** Ila, iry – Fisotro (Miv) **K.** Haja sy voninahitra – Tomady

### Valiny Teny mifanaraka 0280

**Mitsivalana**

1 Jobily – TV **2.** Soda (Miv) – Tsah(a) **3.** Midadasika **4.** Bory (Miv) **5.** Rofia (Miv) – Paka **6.** Soratana **7.** Mitanika **8.** Fanala (Miv) **9.** Tsia – Avo **10.** YY – Reny – In

**Mitsangana**

A. Jamba – Maty **B.** Ody – Isy – Sy **D.** Bodofotsy **E.** (G)isa – Ora – Ar **F.** Dorana **G.** Tilin(a) **H.** Tsipaka **I.** Tsiranana **J.** Vakoka – Avy **K.** Haba – Nofy (Miv)


COMMUNE URBAINE
D'ANTANANARIVO
Telma Coupe
de Madagascar
Edition 2019
Samedi 18 Mai 2019
à 14 heures au
STADE MUNICIPAL MAHAMASINA
DEMI-FINALE
USCAFOOT ANALAMANGA
VS
FOSA JUNIORS BOENY
TONGAVA MARO !!!